malgache

# Jésus-Christ et votre nouveau départ

Par Patrick Kearon
*du Collège des douze apôtres*

# Jesoa Kristy: fototry ny fiandohanao vaovao

Nosoratan'ny Loholona Patrick Kearon
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*Nous pouvons tous bénéficier d'un nouveau départ grâce à Jésus-Christ et par lui. Oui, même vous.*

*Isika rehetra dia afaka manana fiandohana vaovao amin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy noho i Jesoa Kristy. Na ianao io aza.*

## Une évidence dans les Écritures : Jésus allait de lieu en lieu faisant du bien

Jésus « allait de lieu en lieu faisant du bien». C'est ainsi que le livre des Actes résume simplement les choses. Quelle évidence flagrante ! Jésus allait assurément de lieu en lieu en faisant du bien ! Il est l'essence même et la source de toute bonté! Il a consacré toute sa vie dans la condition mortelle à faire le bien. Il est « miséricordieux et compatissant, lent à la colère [et] riche », infini en bonté et éternel en miséricorde.

Toute tentative de décrire ou de résumer sa bonté et sa miséricorde serait insuffisante ! En vérité, comme l'apôtre Jean l'a exprimé, si nous tentions de consigner chaque manifestation de la bonté du Sauveur, « le monde même [ne pourrait] contenir les livres qu'on écrirait».

## Fanalefahana lanjan-kevitra misy ao anaty Soratra Masina: Nandehandeha nanao soa i Jesoa

"Nandehandeha nanao soa" i Jesoa.Vakintsika ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly izany tatitra tsotra izany. Tena goavana izany fanalefahana lanjan-kevitra izany! Azo antoka fa nandehandeha nanao soa tokoa i Jesoa! Izy no tena fototra—sy loharanon'—ny hatsarana!Nolaniany nanaovana soa ny fiainany teto an-tany iray manontolo . Izy dia "mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindram-po", tsy manam-petra amin'ny hatsarana ary maharitra mandrakizay amin'ny famindram-po.

Izay andrana rehetra amin'ny famaritana na famintinana ny hatsarany sy famindrampony dia ho fanalafehana lanjan-kevitra avokoa. Tena marina, araka ny nezahan'ny Apôstôly Jaona nambara, fa raha toa isika ka manandrana mirakitra ny fotoana tsirairay nanehoana ny hatsaran'ny Mpamonjy dia "[na] izao tontolo izao aza tsy omby ny boky voasoratra".

## Jésus-Christ offre à chacun de nous un nouveau départ

Les exemples précis que nous avons, immortalisés dans les Écritures, de Jésus allant de lieu en lieu en « faisant du bien » suscitent une profonde admiration et un émerveillement, surtout lorsque nous réfléchissons à ce que cela devait être d'y assister : être témoin de ses miracles,

## Manolotra fiandohana vaovao ho antsika tsirairay avy i Jesoa Kristy

Ireo ohatra vitsivitsy voafaritra tsara izay noraketintsika ao amin'ny soratra masina momba an'i Jesoa nandehandeha "nanao soa" dia miteraka fahatalanjonana sy fahatsapana mampitolagaga lalina, indrindra rehefa tena mieritreritra isika hoe mety ho toy ny ahoana raha teo

recevoir ses enseignements et faire l'expérience de son pouvoir guérisseur. Il a conversé avec les exclus de la société, il a touché les malades et les impurs, il a apporté du réconfort à ceux qui étaient fatigués, il a enseigné des vérités libératrices et il a appelé les pécheurs au repentir. À chaque lépreux, aveugle et femme adultère ; aux boiteux, aux sourds et aux muets ; à chaque mère éplorée, père désespéré, veuve en deuil ; aux condamnés, aux humiliés et aux souffrants ; aux meurtris de corps et d'esprit, ce qu'il a offert, c'est un nouveau départ. Oui, encore une évidence incontestable !

Tout ce qu'il a dit et fait a offert un nouveau départ à chacun de ceux qu'il a guéris, bénis, enseignés et délivrés du péché. Il ne s'est pas détourné d'eux et il ne se détournera assurément pas de vous. Imaginez maintenant entendre, de sa bouche, l'une de ces paroles qui donnent la vie :

« Mon enfant, tes péchés sont pardonnés. »

« Jeune fille, lève-toi, je te le dis. »

« Sois pur. »

« Je ne te condamne pas non plus : va, et ne pèche plus. »

« Ma fille, ta foi t'a sauvée ; va en paix. »

Les paroles du Sauveur à ces personnes étaient brèves, mais par ces simples mots, il leur offrait de grandes perspectives de pardon, de guérison, de rétablissement, de paix et de vie éternelle. Et la merveilleuse nouvelle, c'est qu'il nous offre le même nouveau départ, à vous et à moi. Nous pouvons tous bénéficier d'un nouveau départ grâce à Jésus-Christ et par lui. Oui, même vous. Les nouveaux départs sont au cœur du plan du Père pour ses enfants. C'est l'Église des nouveaux commencements ! C'est l'Église des nouveaux départs !

## L'Église des nouveaux départs

Par le baptême d'eau et d'Esprit, nous naissons « de nouveau» et pouvons « marcher en nouveauté de vie». Quelle espérance ce nouveau départ apporte-t-il à celui qui a cheminé

isika, nanatri-maso ireo fahagagana nataony sy nandray ireo fampianarany, ary niaina ny fanasitranany. Niresaka tamin'ireo izay voailiky ny fiarahamonina Izy, nikasika ny marary sy ny tsy madio, nitondra fampiononana ho an'ny trotraka, nampianatra fahamarinana manafaka, ary niantso ireo mpanota ho amin'ny fibebahana. Ho an'ny boka sy ny jamba ary ny vehivavy janga tsirairay avy; ho an'ny malemy sy ny marenina ary ny moana; ho an'ny reny vonton'alahelo rehetra sy ny raim-pianakaviana kivy ary ny mpitondratena izay ory; ho an'ny voaheloka sy ny menatra ary ny mijaly; ho an'ny maty ara-batana sy ny maty ara-panahy, ny zavatra nataony dia ny nanolotra fiandohana vaovao. Eny, fanalefahana lanjan-kevitra mahavariana iray hafa izany!

Ny zavatra rehetra nolazainy sy nataony dia nanolotra fiandohana vaovao ho an'ny tsirairay tamin'ireo izay nositraniny, notsofiny rano, nampianariny, ary nohamaivaniny fahotana. Tsy niala tamin'izy ireo Izy, ary azo antoka fa tsy hiala aminao koa Izy. Alaovy sary an-tsaina ankehitriny hoe maheno ny iray amin'ireto teny manome aina ireto avy Aminy ianao:

"Anaka, voavela ny helokao."

"Ry zazavavy, hoy Izaho aminao: Mitsangàna."

"Madiova hianao."

"Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony."

"Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao; mandehana soa aman-tsara."

Fohy ny tenin'ny Mpamonjy tamin'ireo olona ireo, saingy tamin'ireo no nanomezany tombon'andro vaovao feno famelan-keloka, fahasitranana, famerenana amin'ny laoniny, fiadanana, ary fiainana mandrakizay. Ary ny vaovao mitondra lehibe dia omeny fiandohana vaovao mitovy amin'izany koa izaho sy ianao. Isika rehetra dia afaka manana fiandohana vaovao amin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy noho i Jesoa Kristy. Na ianao io aza.Ivon'ny drafitry ny Ray ho an'ireo zanany ny fiandohana vaovao. Ity no fiangonan'ny fiandohana vaovao! Ity no Fiangonan'ny fanomboana vaovao!

## Ity no Fiangonan'ny fiandohana vaovao

Amin'ny alalan'ny batisa amin'ny rano sy ny Fanahy dia "ateraka indray"isika ary afaka "mandeha amin'ny fiainam-baovao".Manao ahoana ny fanantenana entin'izany fiandohana vaovao izany

péniblement sous le poids du péché ou souffert les conséquences d'une vie agitée et de relations dysfonctionnelles ? Jésus n'avait lui-même besoin ni de pardon pour ses péchés, ni d'un nouveau départ dans la vie, et pourtant, il s'est fait baptiser, nous montrant clairement le chemin du nouveau départ qu'il a tracé pour chacun de nous.

Et notre nouveau départ ne se produit pas une seule fois. Nous avons tendance à penser que notre baptême est notre seule chance de repartir de zéro. Ce n'est pas le cas. Nous ne disposons pas d'une seule chance. Chaque jour peut être un nouveau départ ! Chaque semaine l'est certainement lorsque nous prenons un petit morceau de pain et buvons un gobelet d'eau en souvenir du don de notre Sauveur parfait, qui est mort dans le but précis de nous offrir autant de nouveaux départs que nécessaire ! Jésus nous accorde autant de nouveaux départs que nécessaire.

En nous engageant joyeusement à vivre une nouvelle vie en Christ, nous pouvons devenir une « nouvelle créature », où les choses anciennes disparaissent et toutes choses deviennent nouvelles. Quel soulagement ces nouveaux départs apportent à une âme qui persévère, en exerçant continuellement la foi dans le pouvoir de notre Rédempteur de guérir et de rétablir, malgré les revers écrasants d'une vie dans un monde déchu ! Le Sauveur n'a jamais renoncé à son engagement d'accomplir la volonté du Père et de mener à bien sa mission expiatoire divine, même au prix d'une souffrance qui l'a fait trembler, saigner à chaque pore, souffrir de corps et d'esprit, et prier pour ne pas devoir boire la coupe amère. Encore une fois, il nous montrait ce qu'est la persévérance fidèle avec Dieu.

Chaque fois que nous contractons une alliance et que nous nous efforçons de la respecter, nous pouvons recevoir un « cœur nouveau » et une mesure plus abondante d'un « esprit nouveau». Peu à peu, en invitant davantage sa bonté dans notre cœur et en faisant taire les voix décourageantes dans notre tête, nous devenons son peuple, parce que nous faisons véritablement

ho an'ny olona mihisa-pivoarana noho ny vesatry ny fahotana na nijaly noho ny vokatry ny fiainana feno korontana sy ny fifandraisana tsy mandeha araka ny tokony ho izy? I Jesoa Kristy dia tsy nila famelana ny fahotana ho an'ny Tenany na fanombohanam-piainana vaovao, kanefa dia natao batisa, mba hampisehoana antsika mazava tsara ny lalana mankany amin'ilay fiandohana vaovao izay nosoratany ho antsika tsirairay avy.

Ary tsy indray mandeha fotsiny ihany no mitranga ny fiandohanao vaovao. Mihevitra isika fa ny batisantsika no hany bala tokana amin'ny fiandohana vaovao. Tsy izay anefa. Tsy iray fotsiny ihany ny fahafahana ananantsika. Afaka mitranga isan'andro ireo fiandohana vaovao ireo! Ary azo antoka fa isan-kerinandro mihitsy aza, rehefa mihinana tapa-mofo kely iray sy misotro rano anaty kaopy kely isika ho fahatsiarovana ny fanomezan'ilay Mpamonjy antsika tonga lafatra, izay maty noho ny tanjona mazava, dia ny mba hanomezana antsika fiandohana vaovao maro araka izay ilaintsika! Manome antsika fiandohana vaovao maro araka izay ilaintsika i Jesoa.

Amin'ny alalan'ny fanolorantena sy ny firavoravoana amin'ny fiainana vaovao ao amin'i Kristy, dia afaka ny ho tonga "olom-baovao" isika, fa efa lasa ny zavatra taloha ary tonga vaovao ny zava-drehetra.Fanamaivanana toa inona no entin'izany fahafahana mamerina indray izany ho an'ny fanahy iray izay tsy mitsahatra ny manandrana, fa manohy misafidy ny finoana ny herin'ny Mpanavotra antsika izay manasitrana sy mamerina amin'ny laoniny, na dia eo aza ny tsy fahombiazana amin'ny fiainana anaty tontolo lavo? Tsy nilavo lefona mihitsy tamin'ny fanolorantenany hanatanteraka ny sitrapon'ny Ray sy hamita ny sorona fanavotana nanirahana Azy ny Mpamonjy, na dia nandalo fanaintainana izay nahatonga Azy hangovitra, hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, hijaly vatana sy fanahy, ary nivavaka mba hanesorana Taminy an'ilay kapoaka mangidy aza Izy.Mbola nasehony antsika indray aza ny fisehon'izany faharetana feno fahatokiana an' Andriamanitra izany.

Amin'ny alalan'ny fanekempihavanana rehetra ataontsika sy ny ezaka rehetra ataontsika mba hitandremana izany dia afaka mahazo "fo vaovao" sy "fanahy vaovao" iray feno kokoa isika. Tsikelikely, arakaraka ny hanaovantsika zavatra mamela antsika hahatsapa ny hatsarany sy handroahantsika ireo feo ratsy ao anaty izay tsy mampisy na manohintohina ny fahatokian-ten-

de lui notre Dieu. Jésus désire ardemment être notre Roi, notre Berger et notre Prince de la paix, et c'est à nous de choisir de le reconnaître en tant que tel dans notre cœur et notre esprit.

## Un nouveau départ concernant notre regard sur le repentir

Le repentir ouvre la porte à nos nouveaux départs, nos nouveaux commencements et nos secondes chances. Les enseignements de Russell M. Nelson ont dissipé les malentendus concernant le don divin du repentir et je crois que nous commençons enfin à en comprendre la portée.

Il est inspirant d'entendre nos jeunes parler de ce que le repentir signifie pour eux. J'ai récemment entendu une jeune fille dire, le sourire aux lèvres : « Quand je pense au repentir, au repentir quotidien, je ressens une joie et une espérance incroyables. Je ressens l'amour et la joie de mon Père céleste et de mon Sauveur. Je n'ai pas peur de prier notre Père céleste et de lui demander de l'aide dans toutes mes difficultés. Je sais qu'ils ne cherchent pas à me prendre en faute. Leurs bras sont grand ouverts. C'est ce que signifie le repentir pour moi. » Cette jeune fille comprend que, grâce à Jésus-Christ, elle peut prendre de nouveaux départs !

## Un nouveau départ pour tous, à chaque instant

Avez-vous besoin de prendre un nouveau départ ? Est-ce vraiment possible pour vous aussi ? Pensez aux personnes auxquelles le Sauveur a porté secours : celles qu'il a enseignées, guéries, ramenées à la vie, rétablies et celles auxquelles il a pardonné. Les choisissait-il en fonction de leur classe sociale ou de leur origine ? Faisait-il une distinction entre les justes et les pécheurs ? Choisissait-il les personnes qui étaient plus méritantes ou plus aimées ? Non.

Certaines personnes sont venues à lui avec une grande foi, croyant en son pouvoir guérisseur, comme la femme atteinte d'une perte de

antsika na ny fivoarantsika no hahatonga antsika ho vahoakany satria tena ataontsika ho Andriamanitsika Izy. Tena te ho Mpanjakantsika sy Mpiandry antsika ary Andrian'ny Fiadanantsika i Jesoa, ary afaka misafidy ny hanao Azy ho tahaka izany ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika isika.

## Fiandohana vaovao momba ny fahitantsika ny fibebahana

Ny fibebahana dia manokatra ny varavarana ho an'ny fiandohantsika vaovao sy ny fanombohana vaovao ary ny fahafahana mamerina indray. Nanitsy ny fahadisoam-pijerintsika mikasika ny fanomezana masin'ny fibebahana ny fampianaran'ny Filoha Russell M. Nelson malalantsika, ary mino aho fa manomboka mahatakatra izany isika ankehitriny.

Mampientanentana ny mandre ireo zatovontsika manoritsoritra ny dikan'ny fibebahana ho azy ireo. Vao tsy ela aho no naheno zatovovavy iray niteny tam-pitsikiana nanao hoe: "Rehefa mieritreritra momba ny fibebahana aho, ny fibebahana isan'andro, dia mahatsapa fifaliana sy fanantenana mahatalanjona. Mahatsapa ny fitiavana sy ny fifalian'ny Raiko any An-danitra sy ny Mpamonjy ahy aho. Tsy matahotra ny hanatona ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny vavaka aho ary mangataka ny fanampiany amin'izay rehetra manahirana ahy. Fantatro fa tsy miezaka ny hanatratra ahy hanao zavatra ratsy Izy Ireo. Misokatra malalaka ny sandrin'Izy Ireo. Izany no atao hoe fibebahana amiko", hoy izy. Takatr'io zatovovavy io fa noho i Jesoa Kristy dia afaka manana fiandohana vaovao izy!

## Fiandohana vaovao ho an'ny olona rehetra, amin'ny fotoana rehetra

Mila fiandohana vaovao va ianao? Afaka manao fanombohana vaovao ve ianao, na ianao aza? Eritrereto ireo olona izay notompoin'ny Mpamonjy—ireo olona nampianariny, nositraniny, natsangany tamin'ny maty, navelany heloka ary naveriny tamin'ny laoniny. Moa ve Izy nisafidy azy ireo noho ny saranga ara-toekarena na fiaviana iray manokana? Nanavaka ny olo-marina sy ny mpanota ve Izy? Moa ve izy nanindraindra olona satria mendrika kokoa na tiana kokoa izy ireo? Tsia.

Ny sasany tamin'ireo dia nanatona Azy tamim-pinoana lehibe, nino ny heriny izay manasitrana, toy ilay vehivavy nanana olana

sang, le centurion romain dont le serviteur était mourant, le lépreux, Jaïrusou l'aveugle Bartimée. Chacun d'eux a mis sa foi à l'épreuve, espérant que la bonté et le pouvoir du rabbin de Nazareth transformeraient leur vie et leur avenir. Et il l'a fait. Il a laissé son pouvoir guérisseur se déverser.

Mais Jésus a aussi béni ceux dont la foi chancelait, comme le père de l'enfant malade qui s'est écrié, peut-être comme vous l'avez déjà fait : « Je crois ! viens au secours de mon incrédulité! » Il a même déversé sa compassion sur ceux qui ne l'avaient pas recherché, comme la femme adultère, la veuve de Naïn, l'homme infirme près de la piscine de Béthesdaou l'aveugle-né. Avez-vous déjà ressenti qu'il vous bénissait dans votre vie, sans même que vous l'ayez recherché ou suivi ?

À chacun de ces personnages des Écritures, et à tous ceux qui ont accepté d'écouter sa parole et d'agir en conséquence, il a offert un nouveau départ, qu'il s'agisse d'une nouvelle vie après vous être repenti de vos péchés, d'une nouvelle vie libérée de la maladie ou d'une nouvelle vie après la mort.

Qu'est-ce que cela signifie pour vous et moi ? Sa bonté, sa miséricorde et son amour bienveillant sont sans limites. Les nouveaux départs sont au cœur du plan du Père ! Les nouveaux commencements sont la mission du Fils ! Les aubes nouvelles, les nouveaux chapitres et les nouvelles chances sont l'essence même de la bonne nouvelle de l'Évangile !

Êtes-vous resté trop longtemps éloigné de vos alliances pour prendre un nouveau départ ? Non. Êtes-vous tombé trop souvent dans les mêmes travers pour qu'une nouvelle chance ne vous soit pas accordée ? Non. Vous êtes-vous trop éloigné du Christ pour qu'il ne vous aide pas à écrire une nouvelle histoire dès aujourd'hui ? Non. L'adversaire est le seul à tirer profit de l'idée que vous êtes perdu. Vous ne l'êtes pas.

Les nouveaux départs ne concernent pas seulement nos péchés et nos erreurs. Par la bonté et la grâce du Sauveur, nous pouvons prendre de nouveaux départs qui transforment notre façon

tamin'ny fandehanan'ny rà,ilay kapiteny Romana izay nanana mpanompo teo andalam-pahafatesana,ilay boka,i Jairo,na i Bartimeo ilay jamba. Samy nitsapa ny finoana nananany avy izy ireo, ary nanantena fa hanova ny fiainan'izy ireo sy ny fijeriny ny hoaviny ny hatsaram-po sy ny herin'ilay raby avy any Nazareta. Ary nataony tokoa izany. Nampiasainy tamin-kahalalahana ny heriny manasitrana.

Fa nitahy ireo izay nihozongozom-pinoana koa i Jesoa, tahaka ny rain'ilay zaza marary izay niantsoantso, mety tahaka ny nataonao hoe: "[Tompo ô,] mino aho; vonjeo aho ho afaka amin'ny tsi-finoako."Ary naneho fangorahana tamin-kahalalahana tamin'ireo izay tsy nikatsaka Azy mihitsy aza Izy, tahaka ilay vehivavy tratra nijangajanga,ilay mpitondratena tao Naina,ilay lehilahy sembana teo amin'ny farihin'ny Betesda,ary ilay lehilahy teraka jamba.Efa nahatsapa Azy nandehandeha nanao soa teo amin'ny fiainanao ve ianao na dia tsy nikatsaka Azy na nanaraka Azy aza?

Ho an'ny tsirairay amin'ireo tantara ao amin'ny soratra masina ireo sy ho an'ireo rehetra izay nihaino sy namaly, dia nanome fiandohana vaovao Izy, na fiainana vaovao voavela tamin'ny fahotana izany, na fiainana vaovao nositranina tamin'ny rofy, na fiainana vaovao natsangana tamin'ny fahafatesana.

Midika inona izany ho anao sy ho ahy? Tsy misy fetra ny hatsarany sy ny famindrampony ary ny hatsaram-panahiny feno fitiavana. Ny fiandohana vaovao dia ivon'ny drafitry ny Ray! Fanombohana vaovao no asa nanirahana ny Zanaka! Maraim-baovao sy takelaka vaovao ary fahafahana mamerina vaovao no ivo fototry ny vaovao mahafaly ao amin'ny filazantsara!

Noho izany, efa nisintaka ela loatra, niala ny fanekempihavanana nataonao ve ianao ka tsy ho afaka handray fiandohana vaovao? Tsia. Efa nanao an'izao sy izao imbetsaka loatra ve ianao ka tsy afaka ny omena fahafahana hanarina iray hafa intsony? Tsia. Efa nanalavitra loatra an'i Kristy ve ianao ka tsy afaka hanampy anao hanoratra tantara vaovao indray Izy manomboka eto? Tsia. Ny fahavalo irery ihany no hany mahazo tombontsoa avy amin'ilay fieritreretana hoe resy tanteraka ianao. Tsy resy ianao.

Ary ny fiandohana vaovao dia tsy noho ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika fotsiny ihany fa mbola mihoatra lavitra noho izany. Amin'ny alalan'ny hatsarana sy ny fahasoavan'ilay

de penser, nos mauvaises habitudes, notre mauvaise humeur, notre attitude négative, notre sentiment d'impuissance, ainsi que notre tendance à rejeter la faute sur autrui et à fuir nos responsabilités. Vous pouvez réellement changer des aspects de votre personnalité qui vous épuisent depuis des années. Vous pouvez repartir grâce au pouvoir du Maître des nouveaux départs. Il ne se lasse jamais de nous les accorder.

Mpamonjy dia afaka manana fanombohana vaovao indray isika; fanombohana izay mitondra fiovana amin'ny fomba fisainana taloha, ny fahazaran-dratsy, ny fahatezeran-dava, ny fitondran-tena ratsy, ny fahatsapana ho tsy afa-manao na inona na inona, ary ny fironana hanome tsiny ny hafa sy hiala ny andraikitry ny tena manokana. Tena afaka manova zavatra momba ny tenanao izay nikiky anao an-taonany maro ianao. Afaka manomboka indray ianao amin'ny alalan'ny tanjaky ny Tompon'ny fiandohana vaovao. Tsy reraka mihitsy Izy manome fiandohana vaovao ho antsika.

À ceux qui luttent sans cesse contre le même péché ou la même difficulté, n'abandonnez pas. Il n'a pas placé d'obstacle sur votre route. Il n'a pas fixé de limite à vos secondes chances. Continuez d'avancer. Persévérez. Cherchez du soutien auprès des personnes qui vous entourent. Placez votre confiance dans le nouveau départ qui vous attend chaque fois que vous retournez vers votre Père avec un cœur sincère. Laissez les péchés délibérés, les rechutes désinvoltes et la rébellion orgueilleuse derrière vous, où ils doivent rester. Vous n'êtes pas condamnés à rester la personne que vous étiez. Accueillez votre nouveau départ, votre deuxième, troisième, quatrième, ou même centième chance, offerte par le sang expiatoire de Jésus-Christ.

Ho an'ireo izay sahirana amin'ny fahotana iray na tsy fahombiazana iray izay miverimberina foana dia aoka hanohy hiady hatrany. Tsy nametraka sakana teo anoloanao Izy. Tsy nametraka fetra tamin'ny fahafahanao mamerina indray Izy. Aoka ianao handroso hatrany. Aoka ianao hilofo hatrany. Aoka ianao hitady fanampiana amin'ireo manodidina anao. Ary aoka ianao hatoky ny fiandohana vaovao izay ho eo foana ho anao isaky ny mitodika any amin'ny Rainao amin-kitsimpo ianao. Avelao any ivohonao, izay toerana mendrika izany, ny fahotana iniana atao sy ireo fahotana miverimberina noho ny tsy fahampian'ezaka mba hiova, ary ny fikomiana feno avonavona. Tsy voatery hitovy aminao taloha ianao. Ekeo ny fanombohanao vaovao sy ny fahafahana mamerina fanindroany na fanintelony na faninefany, na faninjatony atolotra anao amin'ny alalan'ny ran'ny sorona manavotr'i Jesoa Kristy.

Je n'ai pas de mots pour exprimer ma reconnaissance pour les nouveaux départs qui m'ont été accordés et pour tous ceux qui me seront accordés à l'avenir.

Tsy hay faritana ny fankasitrahako noho ireo fiandohana vaovao nomena ahy sy ireo izay mbola hatolotra ahy.

## Conclusion

Notre Sauveur a prononcé une dernière phrase sans laquelle il n'y aurait aujourd'hui aucune raison d'espérer ou de se réjouir. Après les souffrances atroces de Gethsémané et au terme du supplice de la croix, il a simplement dit : « Tout est accompli. » La prophétie messianique s'était accomplie, et la dette pour les péchés et les souffrances de l'humanité avait été entièrement payée. Il a déclaré que son sacrifice infini et éternel était « accompli». Pourtant, son expiation ne s'est pleinement achevée qu'au troisième jour, lorsqu'il a lui-même connu une vie nouvelle,ce-nouveau départ en tant qu'être glorifié et ressus-

## Teny famaranana

Ny Mpamonjintsika dia niteny fanalefahana lanjan-kevitra iray farany, izay raha tsy nisy dia tsy ho nisy antony hananana fanantenana na fifaliana ankehitriny. Taorian'ny fahoriany tao Getsemane sy ny fiafaran'ny fampijaliana Azy teo amin'ny hazofijaliana dia niteny tsotra fotsiny Izy hoe: "Vita."Tanteraka ny faminaniana momba ny Mesia, voaloa tanteraka ny trosan'ny heloky ny olombelona, ary voaefa ny fijaliany. Nanambara Izy fa "vita" ny sorona tsy manam-petra sy mandrakizay nataony.Tsy ho feno anefa ny Sorompanavotana nataony raha tsy efa niaina fiainana vaovao mihitsy Izy Tenany tamin'ny andro fahat-

cité par le pouvoir du Père.

Parce qu'il a toujours fait ce qui était agréable à son Père, et parce qu'il a « souffert la volonté du Père en tout», vous et moi pouvons prendre de nouveaux départs. Prenez dès aujourd'hui, dès maintenant, votre nouveau départ. Jésus-Christ est l'Auteur et le Consommateur de notre foi, écrivant avec nous d'innombrables nouveaux chapitres. Il est le Commencement et la Fin, la fin de notre honte et de nos souffrances, et le commencement d'une nouvelle vie en lui. Il nous permet de recevoir sa grâce, de laisser le passé derrière nous et de recommencer par une aube nouvelle, autant de fois que nécessaire. Oui, véritablement, « le bonheur et la grâce [nous] accompagneront tous les jours de [notre] vie». Au nom de Jésus-Christ. Amen.

elo,ilayfiandohana vaovao amin'ny maha voary feno voninahitra sy nitsangana tamin'ny maty Azy, tamin'ny alalan'ny herin'ny Ray.

Satria nanao ireo zavatra izay nahafaly ny Rainy hatrany Izy,ary satria "niaritra ny sitrapon'ny Ray tamin'ny zava-drehetra"Izy, dia afaka manana fiandohana vaovao izaho sy ianao. Miangavy anao aho handray ny fiandohanao vaovao, androany, izao dieny izao. I Jesoa Kristy no Tompo sy Mpanefa ny finoantsika ary manoratra takelaka vaovao tsy tambo isaina miaraka amintsika Izy. Izy no Fiandohana sy Fiafarana, dia ny fiafaran'ny fahamenarana sy ny fijaliantsika, ary ny fiandohan'ny fiainana vaovao ao Aminy, izay mamela antsika handray ny fahasoavany, hamela ny lasa any aoriana ary hanomboka indray miaraka amin'ny maraim-baovao na impiry na impiry no ilantsika izany. Homba antsika amin'ny andro rehetra hiainantsika tokoa anie ny "fahasoavan[y] sy ny famindrampo[ny]".Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.